Senateran'i Madagasikara vaovao 8

Loholona, sa Rambon'olona, sa Loham-boto, sa V... ?

NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 16 janoary 2021 Laharana 1115 Vidiny : 400 Ar

Fanomezana taombaovao 4 5

Kalendrie 2021

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto

Raharaha volamena 73,7 kg 2

Tsy ho azo amin'ny tsikombakomba ny iraisampirenena

Fandaharana «Miara-manonja» 2

Aza lalaovina ny ain'ny vahoaka Malagasy

Sampras Rakotondrainibe 6

Malagasy 16 taona, handalina tennis any Etazonia



RMDM 6

Manomana hetsika lehibe ato ho ato

GEM 7

Sahirana tanteraka ny mpandraharaha Malagasy

Daka kely

Rambon'olona fa tsy Loholona angamba ireo tsy mahandry tantana ireo ry Boaikely a !

RAHARAHA VOLAMENA 73,7 KG

Tsy ho azo amin'ny tsikombakomba ny iraisampirenena

Amin'ny 01 Febroary 2021 no hiakatra fitsarana ny raharaha fanondranana antsokososoko volamena milanja 73 kg mahery, tratra tany Afrika Atsimo, ary any antoerana no ho tanterahina ny fitsarana ireo telolahy teratany malagasy voalaza fa nitondra ireo volamena ireo , satria tsy neken'ny fitsarana any Afrika Atsimo ilay fangatahana ny « extradition », izay nataon'ny fitsarana malagasy, fa dia ho tsaraina amin'izay lalàna misy any an-toerana ireo mpiray firenena amintsika tratra any ireo.

Tsy raharahantsika malagasy sy Afrika Atsimo irery intsony iny fanondranana antsokososoko iny, fa tonga dia nampihetsika an'izao tontolo izao, satria samy nandray ny andraikiny avokoa ny Interpol, ny Cia Amerikana, ry zareo Frantsay, ny Japoney , satria mazava ny antony , ny fanondranana antsokososoko dia manimba ny tsena iraisampirenena, izay efa misy lamina napetraka sy nifanarahana amin'ny fifanakalozana eo amin'ny firenena vonona hihary amin'ny ara-dalàna .

Ny fitondrana dia nandefa mpahay lalàna tany Afrika Atsimo, nandaniana volabe satria fiaramanidina manokana no nofaina nitondra azy ireo, raha ny vaovao azo anefa dia tsy nahomby ny dian'ireto nosandaina volabe ireto, Ingahy Minisitra miadidy ny Fitsarana dia nanambara, fa mbola mitohy hono ny fifampiresahana.

Ny ankabeazan'ny vahoaka malagasy dia efa leon'ny gaboraraka ary tsy mahatoky intsony ny fitsarana eto Madagasikara, noho izany dia tsy marisika amin'izany resaka « extradition » izany , satria ho faty momoka io raharaha io raha vao eto amintsika no atao ny fitsarana.

Miandrandra ny fandraisan'andraikitrin'ny avy any ivelany ny malagasy, satria efa azo an-tsaina fa tsy handaitra amin'ireo any amin'ny sehatra iraisampirenena ny tsikombakomba sy ny famonoana afo ataon'ny fitondrana.

Betsaka ny azo anamarinana ny fijoroana sy ny fahasahian'ireo tompon'andraikitra any ivelany.

- Ny « Interpol », arak'izany anarany izany dia polisy iraisampirenena, vonona hikaroka hatramin'ny farany ny tena rangory fototry ny afo, ary azo antoka fa ho tonga aty amintsika ny « Interpol » hanao ny fanadihadiana ifotony, fa sanatria tsy toy ireny polisy matin-kaninkely ireny, azo tampenam-bava amin'izay voatsirambin'ny tanana .

- Ny « CIA na Central Intelligence Agency », sampampitsikilovana amerikana indray dia manana ny fahaizamanaony amin'ny fikarohana ny miafina rehetra, ny anarany rahateo efa misy hoe « intelligence », tsy ho dondrona mihitsy ny olona ampiasainy, ho tonga aty amintsika, koa ny olon'izy ireo hanadihady akaiky, hamafy ny fikarohana izay inoana fa efa nataony tamin'ny fitaovana avo lenta, io « CIA » io dia sampam-pitsikilovana any Etazonia tsy miankina amin'izay antoko mitondra any. Eny fa na dia anisan'ireo niarahaba voalohany ny Filoha Amerikana vaovao Joe Biden aza Ingahy Filoha malagasy Andry Rajoelina dia tsy misakana ny « CIA » amin'ny fanaovana ny asany izany, ny teny filamatra fampiasan'ny amerikana rahateo amin'ny fianianana ataon'ny Filohampirenena, toy ny amin'ny alarobia 20 Janoary 2021 izao dia mivaky hoe : « In God we trust », izay adika amin'ny teny malagasy hoe « ny herin'Andriamanitra no itokianay », ny dikan'izany tsy ho azo rebirebena mihitsy amin'ny fikarohana ny marina ny « CIA » .

- Ry zareo frantsay indray na dia fantatra aza fa be dia be ny dian-tanany tamin'ny nahatonga an'Ingahy Filoha teo amin'ny toerany dia ho sarotra ho azy ny hidibingo hiaro ny efa ratsy, sady efa mazava koa anie f'Ingahy Sarkozy izay nanampy an'Ingahy Filoha tamin'ny fanonganam-panjakana sy tamin'ny fifidianana tamin'ny 2018 ary tonga teto amintsika mihitsy ny vatatenany tamin'ny Sabotsy 19 Janoary 2019 nanatrika ny fametrahana ny filoha ankehitriny teo Mahamasina, dia efa fantatra ny manjo azy any Frantsa amin'izao fotoana.

-Ny Japoney indray dia azo antoka ny fahasahiany mijoro satria tsy voafatopatotra amin'ny resaka politika , fa ny fantatr'izy ireo dia tsotra ihany dia ny fampiharana ny fahamarinana eo amin'ny lafiny fihariana sy fifanakalozana, aoka tsy ho hadinoina fa mandray anjara be dia be amin'ny famatsiana ny « BAD na Banky Afrikana momba ny Fampandrosoana » ry zareo japoney, ka mankahala ny kolikoly indrindra f'izay miseho aty Afrika.

- Mikasika ny mpitondra any Afrika Atsimo dia tsy mampino ny ho voarebirebin'ny mpitondra malagasy, satria manana ny mampiavaka azy manokana ry zareo, noho izy firenena goavana indrindra aty amin'ny kaontinanta afrikana, ary mahasahy mirehareha eo anatrehan'izao tontolo izao fa nahavita nandresy ny « Apartheid », teo ambany fitarihan'i Nelson Mandela, dia izy ireo indray ve no hivarolavo hanome lanja ny kolikoly ?

Ny azo amehezana azy dia azo antoka, fa tsy handeha lalana ny resaka mampandry adrisa ataon'ny fitondrana any amin'ireo firenen-dehibe , izay efa mahalala fa tsy nandeha araka ny tokony ho izy ny fitantanana ny fanampiana tamin'ny fiatrehana ny koronaviriosy , ka dia samy hahita ny tohiny isika satria "misy raha la terre".

Ny Valosoa

Fitondrana Rajoelina sy ny forongony

Aza lalaovina ny ain'ny vahoaka Malagasy

Fitondrana Rajoelina sy ny forongony, aza lalaovina ny ain'ny vahoaka Malagasy, hoy ny tao amin'ny fandaharana iarahan'ireo Radio tsy miankina, na ny fandaharana Miara-Manonja. Raha tsy olona vonona hamono ve dia hanafatra fitaovampiadiana raitra toy ireny nasehon'ny filoha Andry Rajoelina tao amin' ny CCI Ivato ny volana novambra 2018, fony izy mbola kandidà, sy tamin'ny matson'ny 26 jona ireny. Mbola ho hita amin'ny alatsinainy 18 janoary ho avy izao ao amin'ny lapan'Anosikely ny tatitra amin'ny mpanao gazety, izay ho ataon'ny loholona amperinasa ankehitriny. Tsiahiavina fa nanangana vaomiera manokana efatra izy ireo nentina nanadihadiana raharaha efatra dia: ny resaka 'doublons' tamin'ny fandrafetana ny lisi-pifidianana, ny resaka fanampiana ivelany amin'ny 'coronavirus', ny resaka vonoan'olona tany Farafangana ary ny fampidirana fitaovam-piadiana tsy ara-dalàna. Dia ho hita eo izany amin'ny herinandro ho avy.

Voaresaka tao amin'ny fandaharana ny fiverimberenan'ny fomba filalaovan'i Andry Rajoelina ny ain'ny Malagasy, raha tsy hilaza ny famporisihana nataony tamin'ny taona 2009, ireny nanosika vahoaka hanani-dapa hiditra faritra mena ireny. Olona maro no namoy ny ainy ary na dia nafatratra tany amin'ny filoha Ravalomanana aza ny andraikitra dia fantatra fa efa tsikombakomba izay nanomanana olona ivelan'ny lapa hitifitra ireto vahoaka. Mbola hivoaka ny marina rehetra.

Dia hitantsika iny indray ny fitaovam-piadiana raitra nampidirina teto antoerana, tsy fantatra hoe tamin'ny fomba manjavozavo, nentina nilazàna fa hiadivana amin'ny dahalo. Kanefa roa taona mahery nitondràna izao i Andry Rajoelina, fa dia olona mitsoa-ponenana noho ny asan-dahalo sy ny mosary no zava-mitranga. Tsy hita eny amin'ny toerana fanafihan-daholo mihitsy ireny fitaovam-piadiana raitra ireny, fa ety an-tanàn-dehibe no entina ampitahorana ny vahoaka sy andrahonana ny mpanohitra.

Mbola tsikaritra indray izany filalaovana ny ain'ny Malagasy izany amin'ny fitantanana ny ady amin' ny 'coronavirus'. Voalohany aloha dia fahadisoana lehibe ny tsy nanidiana ny sisintany, ka namelàna ny olona nitondra ny valanaretina hiditra teto amin'ny firenena. Niparitaka tany anaty ny tambazotra serasera ny isan'ny antony tamin' izany, dia ny famelàna ny fianakavian'ny akama akaikin'ny filoha hiverina avy any an-dafy, izay nanatrika fanambadiana.

Fa dia nitohy ihany izany tamin'ny fanaovana 'bizina' ny 'coronavirus', ka namoronana ity 'COVID-Organics' na 'CVO' ity, nampisotroana ny rehetra sy nanerena ny ankizy tany am-pianarana. Tsy hita izay vokany, fa mbola eo ihany ny aretina, izay nodradradradraina fa voafehy. Ankehitriny dia anaovana dokam-barotra indray ny 'CVO+', hampandehanana ny orinasa Pharmalagasy, izay tsy mazava koa ny fananganana azy. Iavonavonana ny fanampiana ataon'ny firenena ivelany amin'ny vakisiny.

Mandeha ny eritreritra tamin'ireny vanim-potoana namoriana olona ireny, toy ny mpanakanto 'Jerusalem' nafarana hanao fampisehoana, izay namory olona aman'hetsiny. Tsy nisy ny aro vava ary nitety tanàna nifanoroka tamin'ny olona maro. Tsy nisy ny fampitandremana avy tamin'ny fitondrana, fa toa namporisihana aza ny vahoaka hifanosona. Toy izany koa tamin'ny fihaonan'ny Barea izay natrehan'ny filoha Andry Rajoelina izy tenany mihitsy, tsy misy aro vava. Dia mbola nisy koa ny fampisehoana tao Antsonjombe. Dia lasa ny eritreritra hoe tsy famonoana olona ve izao ataon'ny filoham-pirenena izao hoy ireo mpanao fanadihadiana tao amin'ny Miara-manonja? Efa nisy ny nilaza fa mpamono olona ny fitondrana Andry Rajoelina tamin'ireny fampitangoronana olona ireny tamin'ny volana aprily 2020, ary fanagadràna mpanao gazety indray no setrin'izany, fa tsy fanamboarana ny tsy mety.

Hatramin'ny oviana no mbola ilalaovan'i Andry Rajoelina sy ny forongony ny ain'ny Malagasy. Rehefa voafehiny angaha ny lalàna sy ny herimpamoretana dia heveriny fa tsy maty manota mandrakizay izy ireo? Tsy misy atahorana hoy ny talen'ny seraseran'ny fiadidian'ny repoblika, Rinah Rakotomanga. Fa hoy kosa ny tale lefitry ny Central Intelligence Agency (CIA: mpitsikilon'ny be kintana), izay tonga manampy ny Interpol (Polisy iraisampirenena) amin'ny resaka fanondranana volamena antsokososoko hoe: ampy izay fiharetana izay manoloana ny fanaovan'ireo mpitondra ao amin'ny faritra atsimon'i Afrika ampihimamba, sy ny heloka ara-toekarena izay nampahantra ny mponina sy nampivadika ambony ambany ny toe-karena erantany. Fanontaniana mipetraka amin'izao ho an'ny fitondrana Rajoelina sy ireo forongony: "Mbola ho lalaovinareo ela ve ny ain'ny Malagasy?"

Ny Valosoa

Ny Valosoa sy fakafaka

Fitondrana Rajoelina

Toa mpitsabo ao aorian'ny fahafatesana hatrany

N'inona n'inona ambaran'ny fitondrana, dia tsy mahafehy ny fiainana ara-tsosialin'ny vahoaka malagasy izy. Nataony nahita ny tsy fahitany ny vahoaka amin'ny vidim-bary, izay tsy nisy vidiny nidangana toy izao. Ary ilay tena lesoka, dia ilay vary gasy mampiavaka ny sakafo malagasy mihitsy no tena midangana ny vidiny. Tsy mbola nisy an'izany 800 Ar hatramin'ny 1000 Ar izany ny kapoaka, ary tonga mananika hatrany amin'ny 3000 Ar ny kg teto amin'ity firenena ity. Miavaka tokoa miohatra amin'ny fitondrana rehetra hatramin'izay ity fitondrana ity ary manao ny tsy nataon'ny teo aloha. Ity fitondrana ity dia mby amin'ilay fitenenana adika malalaka hoe " Mpitsabo aorian'ny fahafahatesana". Efa omby loha ny rovitra vao mikoropaka, fa fony mbola omby tondro tsy taitra. Tsy mifanaraka amin'ny toe-tsaina sy fomba fiasana tena mpitondra marina anefa izany. Ho an'ny tena mpitondra mahay mitondra ny fireneny dia mahay mijery izay mety hiseho ary misoroka ny olana mety hipoitra amin'ny ho avy eo anivon'ny firenena tantaniny, "gouverner, c'est prévoir". Tsy natao ho mpitondra ny tsy manana an'izany toe-tsaina izany, fa litanian'ny mpitondra izany.

Tsy tokony hiseho intsony eto amin'ny firenena ity, raha tena mpitondra manao ny asany tokoa, ireny hetsika fitokonana etsy sy eroa ireny mitaky ny zavatra tsy azony na ny manjo azy. Mahavariana fa miverimberina mandrakariva, ohatra, ny hetsiky ny mpianatra eny amin'ny Oniversité na ambaratonga ambony, ny mpiasa samihafa toy ny ao amin'ny orinasa kraoma, hatramin'izao efa andro maromaro izay ny fitakiana ataon'ireo mpiasam-panjakana misahana ny asa na ireo inspektora; ny an'ny mpitsabo mpanampy na paramed efa ela izay fitarainana izay, fa tsy hita izay valiny araka ny nambaran'izy ireo, ny adidy sy andraikitra eto amin'ny firenena miatrika ny fihanaky valanaretina anefa tsy maintsy atao. Santionany ihany ireo mitranga eo anivom-piarahamonina ireo.

Ny mahavariana amin'ity fitondrana ity, dia tsy ilay tena andrasan'ny vahoaka maika no ifotorana mafy, fa zavatra hafa. Vokany, lasa misy vahoaka mandao na mitsoa-ponenana mifindra monina eto amin'ny firenena. Ary tsy vitsy io fa aman-jatony maro satria tsy azo iainana intsony ny tany fonenan'izy sy ny razany hatramin'izay. Tsy mbola fahita hatramin'izay izany, fa mafy ho an'ny Malagasy ny mandao ny tanindrazany izany, fa voatery sy tsy fidiny aminy. Tsy mba nifotorana mantsy izany raha vao nandray ny fitondrana, ary tsy mba novinaina mialoha hoe mety hiseho. Mariky ny tsy fahafehezina fitantanana firenena izany. Ary ny manahirana ny sain'ny mpandinika maro, dia ny fahadisoana sy ny tsy fahombiazana ailika hatrany any amin'ny hafa.

Sôh'son

Ny Valosoa sy hadihady

Fiainam-pirenena

Mandady mianavaratra ny kere eto Madagasikara

Tsy azo lavina fa nisy foana ny kere tany Atsimon'ny Nosy hatramin'izay. Ny tamin'ny taona 1993 no tsara ampahatsiahivina momba izany. Teo Antaninarenina no nisy ny foiben'ny Televiziona Malagasy (TVM) izay nanaovan'ny fitondrana foibe tamin'izany ny antso nentina nanampiana ny tany antoerana. Ahatsiarovana ilay fitenenana malaza nataon'i Daniel Ramaromisa hoe: "vous êtes formidables" ho an'ireo nirodododo nanolotra fanampiana ho an'ireo tratry ny kere tany Atsimo. Araka izany dia na nisy aza ny fiverimberenan'ity loza ity teto dia tsy mbola nisy tranga toy izay misy amin'izao fotoana. An-jatony maro ny mponina mifindra monina mamonjy ny renivohitra satria tsy misy hohanina, tsy misy rano. Ny zava-doza anefa dia tsy misy toerana hampitobiana ireo olona ireo ankoatry ny ao Mahamasina, Kianjan'ny Barea, na ny Kianjan'ny Maki eny Andohatapenaka angaha. Ny zava-misy koa anefa dia na ny eto an-drenivohitra sy ny manodidina aza dia mijaly rano ihany koa ary iaraha-mahita ny filaharana "bidons jaunes" aman-jatony eny amin'ireo paompy fatsakan'ny mponina ireny. Vao omaly ny omaly no nitokona ny mponina teny Ambohipo ary nandoro kodiarana fiarakodia mihitsy nanehoany ny hatezerany. Araka ny fantatra aza dia ny any amin'ny manodidina ny renivohitra dia efa mividy rano iray "bonbone" dimanjato, ka hatramin'ny arivo ariary. Tsapa avy amin'izany ny fahorian'ny vahoaka tsy mandady harona satria ankoatry ny vidim-bary iray kapoaka mananika ny valonjato ariary dia io koa ny olana amin'ny rano. Aty afovoan-tany koa izao dia maina ny tanimbary, hatrany amin'ny iaraha-mahalala ho sompitr'i Madagasikara, noho ny tsy fisian'ny orana miampy ny figaingainan'ny masoandro izay mamadika entona ny rano. Iaraha-mahalala ny mety ho vokatr'izany, fa mandady mianavaratra izany ny kere raha izao no mitohy.Tsy mampaninona ny mpitondra izany satria na tapaka aza ny rano any an-tokatranony any dia manam-bola hividianana rano amin'ny tavoahangy plastika eny amin'ny tsena lehibe izy ireo. Ankoatr'ireo grevy etsy sy eroa dia anisan'ny fiainana ara-tsosialy tena mamaivay tokoa ireo amin'izao fotoana izao ary mampitombo ny fahadisoam-panantenanan'ny vahoaka manoloana ny fanaraham-penitra tanisain'ny mpitondra. Mananontanona ihany koa ny fiverenan'ny fahavalo tsy hita maso dia ny covid-19, izay tsy fantatra na amin'ny endriny vaovao na ny teo aloha ihany. Mampiseho hery ny mpitondra, ka manafay ireo izay tsy manaraka ny fepetra iarovana amin'ny aretina kanefa izy ireo ihany no nampiseho tsy fanarahan-dalàna, ka namory olona amin'arivony sady tsy nanao arovava sy orona. Ambonin'izany dia efa nankalazaina fa resy ny covid-19 ary tsy hisy izany onja faharoa (deuxième vague) izany eto. Ny tena loza dia asaina manadio tatatra fanarian'ny olona maloto izay tratra tsy manaraka ny fepetra. Andraikitry ny fiadidiana ny kaominin' Antananarivo renivohitra izany, ka angamba, entina manarontsarona izany andraikiny tsy tontosan'izany ny mponina tondroina ho tsy manara-dalàna. Fantatry ny mpitondra amin'ny maha politisiana azy, fa ny "politika" dia tetikady na tetikasa entina mampandroso, ka efa voarafitra tsara izany mialohan'ny hijabahana amin'ny fitantanana ny Firenena. Nilaza efa niomana hitantana ny Firenena nandritra ny dimy taona ny filohan'ny Repoblika amin'izao fotoana izao kanefa dia iaraha-mahita sy mahatsapa, fa arakaraky ny tranga misy no hitadiavana vahaolana izay amin'ny ankapobeny dia mibirioka any amin'ny tsy tokony alehany, ka miteraka fahatezerana ho an'ny vahoaka. Tsy mampiseho tsy fahaiza-mitantana intsony izany, fa mampibaribary ny tsy fananana traikefa sy atidoha afaka mijery lavitra, ka mahita mialoha izay mety hitranga ary manolotra vahaolana mifanandrify. Malemy eo amin'ny lafiny rehetra izao fitondrana izao, ka manaotao foana kanefa ny haterak'izany dia ny fandavan'ny olompirenena izay toromarika heverina hifehezana azy (désobéissance civile).

Andry Tsiavalona

Fikambanana Sakaizambahoaka

Fanjanahantany sy fanjanahantany amin'ny endriny vaovao, Ikotozafy ihany no Lexis

Mitondra ny fahitany ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana sy ny tany aloha ny fikambanana Sakaizambahoaka:

Ilaina tompi-maso ny làlan-jotra politika nisy hatrizay, mba tsy ho sanatria ho voan'ny bedonaka, ka hidororororo isika mianakavy ary aza adino fa 64 taona (1896 – 1960) no nofehezin'ny Frantsay tao anatin'ny fitondrana fanjanahantany (Colonialisme) i Madagasikara. Nosakanana tamin-kery avokoa na ny fiandrianana ara-politika na ara-ekonomika, nanjaka ny halatra, fitsetsefana, famoretana, indrindra indrindra fa ny fandraofana ny loharanon-kerem-pirenena tamin'izany.

Nandritra izany vanimpotoana izany no efa nanaovan'ireo razambetsika sorona ny ainy, nitolona, niady, nitady ny fahafahana sy ny fahaleovantena tena izy. Vokatr'izany tolona mahery vaikan'ireo tia Tanindrazana izany, nahazo na nomen'i La Frantsa fahaleovantena i Madagasikara tamin'ny taona 1960.

Fahaleovantena sadasada ihany io satria nosandaina fifanekem-piarahamiasa voafetra ho 50 taona be izao . Io famaritana ara-potaona 50 taona io no porofo fa voageja anaty endrim-panjanahatany vaovao (Néo-colonisation indray i Madagasikara). Tsipihina manokana eto fa Andriamatoa Philbert Tsiranana no filoha voalohany tamin' izany, solontena nanao Sonia niaraka tamin'Andriamatoa Filoha Fratsay De Gaule izany fifanekem-piarahamiasa voalohany (Frantsay-Malagasy) izany. Hatrizay ka hatrizao, tsy mbola fantatra mazava izay votoatin-kevitra voasoratra mazava anatin'io fifanekem-piarahamiasa io, fa mbola misitery ho an'ny vahoaka Malagasy. Hamafisina eto koa fa 50 taona tsy nisy filaminana ara-politika, ara-ekonomika, sosialy, teto Madagasikara nandritra izany.

Voamarika tamin'izany ny fifandimbiasam-pitondrana maro naterakin'izany fifandonana politika lava reny izany andaniny, ny vahoaka sy mpitolona tia Tanindrazana nitady fahafahana. Ankilany, ny tompomenakely sy mpanohariana politika olon'ny Colon, capitaliste, impérialiste, niaro mafy ilay rafim-panjanahana vaovao. Nanjaka tamin'izany ny sangodimpanina politika sy hafetsifetsena rano fotsiny nampiesonana tanatin'ny fanabadoana sy fanambakam- bahoaka.

Araka ireo toe-draharaha voatanisa teo ambony ireo, mazava fa tena nisy fifamatorana ara-tetikady politika avolenta ny fanonganam-panjakana tamin' ny taona 2009, sy ilay fifanekem-piarahamiasa (Accord de coopération) voafetra 50 taona nifarana ny taona 2010.

Voalohany tsy maintsy mila fanavaozana ilay fifanekem-parahamiasa raha tiana ny hitohizan'izany. Faharoa tsy maintsy naongana ilay fitondrana ara-dalàna voafidim-bahoaka tamin'izany fotoana izany, hahazoana mametraka fitondrana iray vaovao manaiky hanao Sonia miafina indray ilay fifanekem-piarahamiasa dingana faharoa. Manamarina izany ilay fehezanteny voalazan'ny filoha ankehitriny hoe : "avelao ilay 50 taona lasa ho vita any, fa ny 50 taona vaovao indray no hobanjinintsika mianakavy".

Tsy angano na arira izany rehetra izany, fa zavatra niainana ary mbola iainantsika vahoaka Malagasy hatramin'izao. Na manao ahoana na manao ahoana, na manohitra, na mpitondra ianao aza adino fa firenena iarahamanana i Madagasikara. Ny vahoaka Malagasy tsy maintsy mitaky ilay fiandrianam-pirenena, sy fahaleovantena madio mangarahara, ka hifoha amin' ny torimaso anaty firaisankina 100 % hialana maika amin'ny fanjanahantany amin'ny endriny rehetra. Sanatria tsy fahankahalana vahiny mihitsy, fa ilaina kosa ny fiaraha-monina tsy misy rahoraho hanjakan'ny fiarahamiasa tsy mitanila amin'ny firenena rehetra maneran-tany.

Nangonin'Isambilo

Fiaraha-miasa amin'ny any ivelany

Hahazo sambo 5 mpiandry sisintany avy amin'ny japone isika

Hahazo sambo 5 haingam-pandeha mpiandry sisintany avy amin'ny japone isika eto Madagasikara. Vita sonia omaly ny fifanaraham-piaraha-miasa mahakasika an'izany teo amin'ny Masoivohon'i Japon monina sy miasa eto amintsika, sy ireo tompon'andraikitra eto amintsika voakasik'izany. Natao ho mpiandry sisintany, sy hijery ireo mpanjono vahiny tsy manara-dalàna, manjono amin'ny fari-dranomasin'i Madagasikara ireo sambo haingam-pandeha ireo. Hapetraka amin'ireo seranan-tsambo 5, izay misy seranan-tsambo mahakasika ny jono ihany koa izy ireo dia any Antsiranana, Mahajanga, Toamasina, Faradofay, Toliara, mba hahafahana manara-maso akaiky ny moron-dranomasin'i Madagasikara, izay mirefy hatramin'ny 5000 km. Izao fanomezana avy amin'ny japone izao dia fanampiana tsy haverina mitentina 500 tapitrisa yen, na eo amin'ny 18 miliara Ar eo.

Isambilo



Ny fifanaovan-tsonia fifanaraham-piaraha-miasa, hahazoantsika sambo mpiandry sisintany avy amin'ny japone.

TONONKALO

Ry Rakoto telo lahy

Misy fetra ka hanainga ry Rakoto telo lahy,
Izay nanan-daza teny Ivandry, Anosikely , Ambohidahy.
Hipaika ny ora sy fotoana, (tsy hay raha mbola hohalavaina),
Ka hangorona entana izy , dia handinika , hisaina !

Asa izay mba eritreriny , asa izay ho fiheverany,
Noho ny andraikitra tsy vitany , ary koa ny tsy tanterany,
Fa amin`ny farany toy izao dia be dia be ny fanakianana,
Indrindra tamin`ny nitantanana ireo karazam-pifidianana.

Fa Rakoto no voatonona tamin`ny lisitra vorosoka,
Sy nampisy fifidianana tsy madio sy feno hosoka.
Ary dia Rakoto koa no ilay mpitsara vangavanga,
Izay namoaka didy jadona handresen-dry lavasanga !

…Raha tsiahivina ny omaly , raha fohazina ny lasana.
Tsy araka ny vavabeny tao an`efitra fiandrasana,
Fa raha vao nahazo seza dia nangina ity "mpitrena".
Tratr`ilay hoe "matoria" f`aleo re "anateran-kena"!

Mbola ry Rakoto koa ilay te hanavotra ny anarany,
Ka dia niezaka ny hiova , saingy tamin`ny ora farany !
Eny , tratra aoriana loatra vao nivimbina fanala,
Saingy atao ahoana moa fa ny tsy miova re no adala !

… Ry Rakoto , ry Rakoto, na ny handeha na ny hiverina.
Na ho "vao" na "soa" na "manana" dia izao no tiana anterina:
Saino izay atao rehetra fa ny alina ho tamy,
Dia ianaro ny tantely: maty mba mamela mamy !

TSIMIMALO (14-01-21

PRIERE AU SACRE CŒUR

Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Fihobiana A.

2021

NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Janoary

1	Zom	Taombaovao
2	Asb	
3	Alh	
4	Alt	
5	Tal	
6	Alr	
7	Alk	
8	Zom	
9	Asb	
10	Alh	
11	Alt	
12	Tal	
13	Alr	
14	Alk	
15	Zom	
16	Asb	
17	Alh	
18	Alt	
19	Tal	
20	Alr	
21	Alk	
22	Zom	
23	Asb	
24	Alh	
25	Alt	
26	Tal	
27	Alr	
28	Alk	
29	Zom	
30	Asb	
31	Alh	

Febroary

1	Alt	
2	Tal	
3	Alr	
4	Alk	
5	Zom	
6	Asb	
7	Alh	
8	Alt	
9	Tal	
10	Alr	
11	Alk	
12	Zom	
13	Asb	
14	Alh	
15	Alt	
16	Tal	
17	Alr	
18	Alk	
19	Zom	
20	Asb	
21	Alh	
22	Alt	
23	Tal	
24	Alr	
25	Alk	
26	Zom	
27	Asb	
28	Alh	

Marsa

1	Alt	
2	Tal	
3	Alr	
4	Alk	
5	Zom	
6	Asb	
7	Alh	
8	Alt	Andron'ny vehivavy
9	Tal	
10	Alr	
11	Alk	
12	Zom	
13	Asb	
14	Alh	
15	Alt	
16	Tal	
17	Alr	
18	Alk	
19	Zom	
20	Asb	
21	Alh	
22	Alt	
23	Tal	
24	Alr	
25	Alk	
26	Zom	
27	Asb	
28	Alh	
29	Alt	Fahatsiarovana 1947
30	Tal	
31	Alr	

Avrily

1	Alk	
2	Zom	
3	Asb	
4	Alh	Paska
5	Alt	Alt. Paska
6	Tal	
7	Alr	
8	Alk	
9	Zom	
10	Asb	
11	Alh	
12	Alt	
13	Tal	
14	Alr	
15	Alk	
16	Zom	
17	Asb	
18	Alh	
19	Alt	
20	Tal	
21	Alr	
22	Alk	
23	Zom	
24	Asb	
25	Alh	
26	Alt	
27	Tal	
28	Alr	
29	Alk	
30	Zom	

Mey

1	Asb	Fetin'ny asa
2	Alh	
3	Alt	
4	Tal	
5	Alr	
6	Alk	
7	Zom	
8	Asb	
9	Alh	
10	Alt	
11	Tal	
12	Alr	
13	Alk	Ascension/Id al Fitr
14	Zom	
15	Asb	
16	Alh	
17	Alt	
18	Tal	
19	Alr	
20	Alk	
21	Zom	
22	Asb	
23	Alh	Pentekôsta
24	Alt	Alt. Pentekôsta
25	Tal	
26	Alr	
27	Alk	
28	Zom	
29	Asb	
30	Alh	
31	Alt	

Jona

1	Tal	
2	Alr	
3	Alk	
4	Zom	
5	Asb	
6	Alh	
7	Alt	
8	Tal	
9	Alr	
10	Alk	
11	Zom	
12	Asb	
13	Alh	
14	Alt	
15	Tal	
16	Alr	
17	Alk	
18	Zom	
19	Asb	
20	Alh	
21	Alt	
22	Tal	
23	Alr	
24	Alk	
25	Zom	
26	Asb	Fetim-pirenena
27	Alh	
28	Alt	
29	Tal	
30	Alr	

FILOHA MARC RAVALOMANANA

Taonan'ny fahasahiana hananganana firenena vanona ny 2021

NY VALOSOA VAOVAO Gazety miseho intelo isan-kerinandro www.gvalosoa.com

2021

NY VALOSOA

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

VAOVAO

Jolay			Aogositra			Septambra			Oktobra			Novambra			Desambra		
1	Alk		1	Alh		1	Alr		1	Zom		1	Alt	Fah. Olo-masina	1	Alr	
2	Zom		2	Alt		2	Alk		2	Asb		2	Tal		2	Alk	
3	Asb		3	Tal		3	Zom		3	Alh		3	Alr		3	Zom	
4	Alh		4	Alr		4	Asb		4	Alt		4	Alk		4	Asb	
5	Alt		5	Alk		5	Alh		5	Tal		5	Zom		5	Alh	
6	Tal		6	Zom		6	Alt		6	Alr		6	Asb		6	Alt	
7	Alr		7	Asb		7	Tal		7	Alk		7	Alh		7	Tal	
8	Alk		8	Alh		8	Alr		8	Zom		8	Alt		8	Alr	
9	Zom		9	Alt		9	Alk		9	Asb		9	Tal		9	Alk	
10	Asb		10	Tal		10	Zom		10	Alh		10	Alr		10	Zom	
11	Alh		11	Alr		11	Asb		11	Alt		11	Alk		11	Asb	
12	Alt		12	Alk		12	Alh		12	Tal		12	Zom		12	Alh	
13	Tal		13	Zom		13	Alt		13	Alr		13	Asb		13	Alt	
14	Alr		14	Asb		14	Tal		14	Alk		14	Alh		14	Tal	
15	Alk		15	Alh	Assomption	15	Alr		15	Zom		15	Alt		15	Alr	
16	Zom		16	Alt		16	Alk		16	Asb		16	Tal		16	Alk	
17	Asb		17	Tal		17	Zom		17	Alh		17	Alr		17	Zom	
18	Alh		18	Alr		18	Asb		18	Alt		18	Alk		18	Asb	
19	Alt		19	Alk		19	Alh		19	Tal		19	Zom		19	Alh	
20	Tal	Id al Adha	20	Zom		20	Alt		20	Alr		20	Asb		20	Alt	
21	Alr		21	Asb		21	Tal		21	Alk		21	Alh		21	Tal	
22	Alk		22	Alh		22	Alr		22	Zom		22	Alt		22	Alr	
23	Zom		23	Alt		23	Alk		23	Asb		23	Tal		23	Alk	
24	Asb		24	Tal		24	Zom		24	Alh		24	Alr		24	Zom	
25	Alh		25	Alr		25	Asb		25	Alt		25	Alk		25	Asb	Krismasy
26	Alt		26	Alk		26	Alh		26	Tal		26	Zom		26	Alh	
27	Tal		27	Zom		27	Alt		27	Alr		27	Asb		27	Alt	
28	Alr		28	Asb		28	Tal		28	Alk		28	Alh		28	Tal	
29	Alk		29	Alh		29	Alr		29	Zom		29	Alt		29	Alr	
30	Zom		30	Alt		30	Alk		30	Asb		30	Tal		30	Alk	
31	Asb		31	Tal					31	Alh					31	Zom	

NY VALOSOA VAOVAO
Adiresy : lot T 70 Ankadindratombo
Tel. 034 79 076 00
www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto
twitter : @nyvalosoavaovao

TAOM-PIANARANA VAOVAON'NY SEKOLY FJKM

Nanatrika ny fanokafana tamin'ny fomba ofisialy Ravalo

Nanatrika ny fanokafana tamin'ny fomba ofisialy ny taom-pianarana vaovao 2020-2021 eo anivon'ny sekoly FJKM manerana ny Nosy, natao tany Arivonimamo faritra Itasy, ny filoha Marc Ravalomanana omaly. Nambarany tamin'izany fa:" faly aho nanatrika ny fanokafana tamin'ny fomba ofisialy ny taom-pianarana 2020-2021 eo anivon'ny Sekoly Fjkm manerana ny nosy, izay natao teto Arivonimamo. Mirary taom-pahombiazana ho an'ny mpianatra rehetra, mirary fahazotoana, mirary fahasalamana, ary mirary soa azy ireo sy ho an'ny mpanabe rehetra. Miarahaba manokana ireo mpianatra mendrika nandritra ny taona lasa ary mamporisika ny rehetra hianatra tsara. Mahereza hatrany, ary tohizo ny ezaka mba ho tafita sy ho olom-banona. Dia samia hotahian'Andriamanitra", hoy izy nandritra izny raha nandray fitenenana. Naharitra 3 andro izao fanokafana tamin'ny fomba ofisialy ny taom-pianarana vaovao teo anivon'ny sekoly FJKM izao ary nifarana omaly. Nandritra izany, nisy ny fanofanana ireo mpanabe ao anivon'ity foibem-pitondran-tsekoly ity, nisy ihany koa fanofanana ireo Filoha Synôdaly, ireo mpianatra mendrika nandritra ny fanadinana samihafa dia notolorana loka avokoa. Nanome voninahitra ny fotoana ihany koa ny filohan'ny FJKM, ny mpitandrina Irako Andriamahazosoa Ammi.

Ny filoha Marc Ravalomanana, nanatrika ny fanokafana ny taompianarana vaovao eo anivon'ny sekoly FJKM, tany Arivonimamo.

Aly

RMDM

Manomana hetsika lehibe ato ho ato

Ny filoha Marc Ravalomanana, sy ireo mpitarika ny RMDM tetsy Bel'Air Ampandrana.

Manomana hetsika lehibe ny RMDM, na ny Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara ato ho ato, izay tsy ho ela, eto Antananarivo Renivohitra. Ho fanomanana izany, nisy ny fivoriana natao tao Bel'Air Ampandrana afak' omaly, notarihan'ireo filoha lefitra ao amin'ity vondron'antoko dia nahitana ny filoha lefitra amin'ny Faritanin'Antananarivo Alain Andriamiseza, ny filoha lefitra amin'ny Faritanin'i Fianarantsoa Tabera Randriamanantsoa, ny filoha lefitra avy amin'ny Faritanin'i Toliara Pasitera Edouard Tsarahame, ny filoha lefitra avy amin'ny Faritanin'i Mahajanga Andriamatoa Régis. Niatrika izany koa ny filoha nasionalin'ny RMDM, ny Filoha Marc Ravalomanana. Izao fivoriana izao dia nandraisan'ireo mpitarika isan-tokony anjara. Natao tamin'izany ny firesahana ny vaovao mahakasika ny raharaham-pirenena, ny manodidina ny raharaha volamena lasa any Afrika Atsimo, ny valan'aretina covid 19 ary ny fahasahiranana mianjady amin'ny vahoaka. Nanome toromarika ireo mpikambana RMDM eny anivon'ny fokontany ihany koa nandritra izany ny filoha Marc Ravalomanna. Mahakasika ny raharaha volamena tratra tany Afrika Atsimo, tsy misy idiran'ny mpanohitra izany hoy izy, ary ny fitsarana any dia tsy mitovy amin'ny aty, ka tsy maintsy hivoaka ny marina any. Mahakasika ny valanaretina coronavirus, tsy voafehin'ny fitondrana izany matoa mbola mirongatra ny covid19 eto amintsika amin'izao fotoana.

Niaina

Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao izao manaraka izao momba ity olana ao anivon'ny orinasa Jirama ity : Antso avo ho an'ny Jirama. Sao mba tsy rariny e...

Lazainareo fa hiditra @ tarif Optima isika ho an'ny taona 2021. Logique ve hoe ho an'ny sasany efa mihàtra io, ho an'ny sasany mbola tarif 14, sy tarif 16 ihany aloha. Nefa dia quartier mitovy ihany.

Ny olana eto, dia raha tarif 16 no nampiasain'ny tenako hatr@zay, nandritra ny 2 taona, nanomboka ny fevrier 2019.dia navadiny an'izao tarif 10 izao. Na tarif social PS 2,2kw. Hany ka raha consommation nitovitovy t@ volana decembre ihany, nefa dia lasa avo roa heny ny faktiora. Rehefa nanatona agence dia tsy mba nahazo valiny mahafapo, fa dia hoe efa io izao no tarif amin'izao. Lazaina fa nalaina reference t@faktiora t@ 2019 no nisafidianana ny tarif ho an'ny mpanjifa. Teto nefa dia efa nanomboka 2019 no nihoatra ny 300 kwh ny fanjifanay, (en moyenne 500 kwh par mois). Mahagaga anefa fa dia tarif social PS 2,2 kw no nosafidianareo Jirama ho anay. Ka rehefa niangaviana ianareo mba hanitsy ny faktiora araka ny tokony ho azo, dia valy anavona koa no azo tao @ acceuil, "tsy izahay no nanao an'io, fa io aloha no misy dia aloavy ny faktiora. @volana manaraka nareo manova tarif raha tsy te ho tratra otran'io intsony." d gaga ny tenanay.

Maro be tompoko ry Jirama malala ny fanabokana efa ataonareo anay, toa ny hoe asainareo manatitra auto relevé izahay, avy eo ataonareo ESTIME ny ao anaty faktiora. Ao koa ny hoe alefa any ny auto relevé @date izay omenareo, avy eo lasa hofana compteur fotsiny no alefanareo, @izay miakatra be ny 2em tranche @ faktiora mitambatra @volana manaraka. Trop trop. Fa ty kosa tsy haritro intsony. Ka izy io avoakako eto, mba ho tonga aminareo any.

Manitra Irmance Rajaonarivelo
Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao,
Antananarivo.

Sampras Rakotondrainibe

Malagasy 16 taona, handalina tennis any Etazonia

Na dia vao 16 taona aza i Sampras Rakotondrainibe, efa manana ny toerany sahady izy eo amin'ny sehatry ny taranjam-panatanjahantena tennis. Noho izay antony izay, nahazo vatsim-pianarana 2 izy handalinana ity taranjam-panatanjahantena ity, ny iray mankany amin'ny Akademia momba ny tennis iray any Etazonia dia any amin'ny Academia Sànchez-Casal Florida any amin'ny fanjakan'i Floride any Amerika ; ny iray vatsim-pianarana mankany Espagne, akademia an'ilay anisan'ny sangany amin'ny tennis Raphael Nadal. Rehefa nisafidy i Sampras Rakotondrainibe dia ny vatsim-pianarana handalinana tennis any Floride any Etazonia no nosafidiany. Mahakasika ity Academia Sànchez-Casal Florida ity, tao no anisan'ny namolavolana ny mpilalao sangany amin'ity taranja ity Andy Murray. Ny alarobia teo no nahazo ny visa ho any Etazonia izy, ary ny 20 janoary 2021 ho avy izao no hamonjy izany toeram-piofanany izany. Sady hiofana momba ny tennis i Sampras any Etazonia no hanaraka fianarana ihany koa amina Oniversite lehibe any an-toerana. Ny fahazoany izao fiofanana any Amerika izao dia heverina, fa hampitombo be tokoa ny fahaizany tennis ary hiakaran'ny laharany eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena eo amin'ity tennis ity ary ho reharehan'i Madagasikara ihany koa...

Lita



Ilay mpilalao tennis Malagasy vao erotrerony, Sampras Rakotondrainibe (ankavia).

Sabotsy 22 febroary 2021

Hanao fihaonambe ny Andriana manerana an'i Madagasikara

Eo amin'ny sehatry ny kolontsaina sy ny taombaovao, hifampiarahaba tratry ny Asaramanitra ny ao amin'ny AAM: Antenimieran'ny Andriana Merina eto Madagasikara. Anio sabotsy 16 Janoary 2021, no hifampiarahaba tratry ny taona vaovao ny Andriana ao amin'ny Antenimieran'ny Andriana Merina (AAM), sy ny havany ary hifampirary soa ho tahian-janahary. Mandritra izany fotoana izany no hampahatsiahivana ny fototry ny fiandrianana araka ny fanambarana dia ny firaisana, ny fampiombonana ary ny fampihavanana. Ireo hoy izy ireo no mamaritra ny Tandrohasina mifaka amin'ny fahamendrehana. Izao fifampiarahabana izao dia efa niainga tamin'ny fandaminana ny Taombaovao malagasy sy ny Sahoby ara-tsaina notanterahana teny Ambohidrabiby: "Hasin'Imerina" ny alahady 22 novambra 2020, ka hotohizana amin'ny fihaonamben'ny Andriana manerana an'i Madagasikara ny sabotsy 22 Febroary 2021. Manoloana ny famerezan-kasina ny Rovan'Antananarivo, ataon'ny fitondrana amin'izao fotoana, ilaina izay fiaraha-mientan'ny Andriana rehetra manerana ny Nosy izay.

Stefa

Mpiandry raharaha

PHARMACIES DE GARDE 16/01/2021 hatramin'ny 23/01/2021

- **METROPOLE** (Antaninarenina) 020 22 200 25/020 22 675 22/033 15 200 25/032 07 101 71
- **ANTANIMENA** (Imm Santa Antanimena, près Chocolaterie Robert) 020 22 200 00/032 56 914 77
- **ANDRAVOAHANGY** (Andravoahangy près Epi d'or) 020 22 245 12
- **MIARO** (Galerie ARO Ampefiloha) 020 22 621 18
- **OCEAN INDIEN** (Analakely avenue de l'indépendance) 020 22 224 70

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 300 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY
Imprimerie de la RN7

Fametrahana 1115-01-2021
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

GEM

Sahirana tanteraka ny mpandraharaha Malagasy

Nitafa tamin'ny mpanao gazety afak' omaly ny avy amin' ny GEM, na ny Fivondronan'ny mpandraharaha eto Madagasikara, notarihan'ny filohany Thierry Rajaona. Tamin'izany no nanaovany jery todika ny fandraharahana teto Madagasikara tamin'ny taondasa 2020, ary nibanjinana koa ny ho avin'ny fandraharahana eto amintsika amin'ity taona 2021 ity. Fantatra tamin' izany, fa nihena 10% teo ny fandraharahana teo amin'ny sehatry ny fifandraisan-davitra teto amintsika tamin'ny taondasa. Nijotso 90% (-90%) ny sehatry ny fizahantany,

Ny filohan'ny GEM, Thierry Rajaona.

mba tsy ilazana hoe tsy niasa mihitsy ity sehatra ity tamin'ny taona 2020, noho ny valanaretina coronavirus. Nitombo 10% kosa ireo nindram-bola tamin'ny banky tamin'iny taona efa nivalona iny, noho ny fahasahiranan' ireo mpandraharaha eto amintsika, voatery tsy maintsy nindram-bola izy ireo, satria kely na tsy nisy mihitsy ny fanampiana avy amin'ny fanjakana ho an'ny sehatra tsy miankina. Notsipihan'ny filohan'ny GEM ihany koa, fa tsy vonona ny hampiroborobo, na hanetsika indray ny toekarena ny fitondrana amin'ity taona vaovao ity, ny antony dia noho ny tsy firaharahian'izy ireo ny sehatra tsy miankina eto Madagasikara.

Aly

Fanjifana

Miaka-bidy avokoa ny vidin-javatra

Na dia efa vita aza ny fetin'ny faran'ny taona niandrasana ny taom- baovao, mbola mitohy miaka-bidy ihany amin' izao fotoana raha ny zavatra samy hafa ilain'ny mponina amin'ny fiainany andavanandro. Fotoanan'ny maitso ahitra izao, maha sarona ny fiainana, tsy any ambanivohitra, ihany fa amin'ny faritry ny renivohitra koa. Tafakatra hatramin'ny 800 Ar ny kapoakan'ny vary, misy aza amin'ny toerana sasany misonga hatramin'ny 1000 Ar izany vidim-bary izany. Ny atody koa dia ahitana vidiny hatramin'ny 800 Ar ny iray. Mijaly ny sarambabembahoaka noho izany, manampy trotraka koa ny fahatapatapahan'ny jiro, sy ny tsy fisian-drano, tsy eto an-drenivohitra sy ny manodidina ihany, fa ahitana izany koa amin'ny faritra sasany eto amin'ny Nosy. Ankilan'izany anefa, misy manondrana antsokosoko ny harem-pirenena. Ho fehin'ireo zava-mitranga, sy zava-misy rehetra ireo, tsy mandroso fa tena mihemotra ny firenena ary tena miha-mivarina an-kady mihitsy aza.

Aly

Betsiaka Ambilobe

Mangataka hitrandraka volamena manakaiky faritra arovana ny mponina

Mangataaka hitrandraka volamena manakaiky faritra arovana ny mponina any amin'ny kaominina Betsiaka, distrikan'Ambilobe, faritra Diana. Ny 8 janoary lasa teo no nanatanteraka fivoriambe farany narahina fanaovan-tsonia ny mponina, mangataka amin'ny fanjakana sy ny ONG Fanamby izy ireo, hitrandraka volamena any amin'ny toerana tsy lavitry ny faritra arovana Andrafiamena Andavakoera. Tany mangadihady izy io, fa ny ala fady izay ao anatin'ny faritra arovana tantanin'ny ONG Fanamby kosa dia eo amin'ny 500 metatra miala eo no misy azy. Tsy mbola teraka akory ny mpitondra ankehitriny, no efa nisy fitrandrahana volamena tao amin'izany toerana izany, hoy ny olona iray mahalala tsara ny tantara.

Aly

BEHARO

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 333



BL = Bory Loha
BR = Bory Rambo
MIV = Mivadika
MIK = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

Valiny Teny Tondro (0332)

Mitsivalana (miv)
- Ravaka
- Asaly – Zo
- Lila
- Liona – Ro
- Salama
- Vao – En
- Mokary (miv)

Mitsangana
- Railovy
- As – Ar
- Valosoa
- Alina
- Kilalao
- Ome
- Toerana

TENY MIFANAPAKA **N° 333**



Mitsivalana

1. Manjetra, mora vaky **2.** Matoky (miv) – Sakafo – Kianteny **3.** Natsofokay **4.** Tsirin-teny Iharana – Tango (miv) **5.** Tanàna anisan'ny mangatsiaka eto amintsika **6.** Lio – Asa-tànana **7.** Tsara nahandro **8.** Tovovavy tena Malagasy (miv) – Eny amin'ny habakabaka **9.** Vola tsy voaloa – Malaina (BR) **10.** Mpanondro toerana – Hita eo amin'ny fitotoam-bary

Mitsangana

A. Trano maizina – Matavy **B.** Tovana – Làlam-pirenena (miv) – Fiantohana **D.** Mariky ny fiangonana **E.** Vavaka – Mampiray **F.** Voan'ny fery **G.** Faran-teny (miv) – Sary tapaka **H.** Sahala – Lafika vita rary (BR) **I.** aro-tongotro **J.** Fandefasana asa-soratra (miv) **K.** Mialoha ny hoe : ndeha hianatra izahay – Neny (BL)

Valiny Teny mifanaraka 0332

Mitsivalana

1. Vavy - Sangy (sangisangy) 2. Nono (miv) - Sion(a) 3. Lalina - Ana 4. (S)ida - Rirana (miv) 5. (K)anto - Re 6. Tantsaha (miv) 7. Ti - (H)aingana 8. No (miv) - Lany (miv) 9. Orita - Sari 10. Tolana - Fay (miv)

Mitsangana

A Voly - Tonta (miv) B. Anadahy - Ro(taka) D. Volana - Lio (miv) E. Iny (miv) - Tsanta F. Naoty - Na (miv) G. ®an(o) - NN H. As - Sigara (miv) I. Niaretanay J. Gony - Nara K. Filaharany

NY TENY FIAINANA

"Ny lanitra sy ny tany ho levona, fa ny teniko tsy mba ho levona."
Marka 13:31

facebook NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

Senateran'i Madagasikara vaovao : Loholona, sa Rambon'olona, sa Loham-boto, sa V…

Malagasy Mijoro : Rivo Rakotovao: tsy bazary ato ka aoka hifanaja! Ratsy, ratsy ve ilay trano ka tsy mety amin'ireo senatera vaovao ka tonga hatramin'izao fanakorontanana sy fanilihana dossier izao. Tsy nisy fifamindram-pahefana akory, fa avy dia loham-boto no hataon'ny senatera lany tao amin'ny faritanin'i Fianarantsoa. Nilaza ireo olona voahiraka, fa avy amin'ny PDG, ka tonga handoko ny trano sy hametaka ny "Moquette". Tsy bazary akory ato, ka anaovana toetra sahala amin'izany hoy ny filohan'ny Antenimierandoholona. Efa miomana amin'ny famindram-pahefana ireo loholona teo aloha, fa tsy hibodo toerana akory raha toa milaza ny tsy mety.

Maarcel Razafimahatratra : loholona ihany ve ireto senateran'I Madagasikara vao voafidy, sa Rambon'olona, sa Loham-boto, sa V…

Honoré Donatien : anarany mba PDG ny TV plus, fa kay olona tsy matotra fa manao loham-boto.

Xavier Ra : minoa ahy ianareo fa hisy version hafa hitranga eto hanao dementi ingahy senateur vaovao dia hanameloka an'ingahy Rivo Rakotovao.

Randriatsara Jean Flavien : dia tena anareo fo eky mahay azy chef isany ao !

Davidson Hasina A : tsy nampoiziko ô, hoy hiran'ny Dors groupe..... manova olona ny politique, nefa efa nilaza fa tsy hanao politika!

Malanto Rabetoky : d gaga enw fa nga d mamy loatra ilay fahefana no efa tsy andry intsony ny andraisana azy e, maninona raha miandry tantana, tsy mahalala fomba mintsy nareo zany ah !

Mady Ali : heee very elah ry TV pluus fa nijabaka!

Faliarivo Randrianatoandro : sao d misy devoly kosa koa tsy maintsy diovina? Hihihiiiii!

Soultan Ismaël Ramakararo : aleo zah hiomehy hoy i Deba t@zany fotoana izany.

Irene Razw : miala @ izay fa tsis idiran'ny lohamboto, ka hanadio n trano ivantanan izy ka TSy haik oe inon no olana.

Zms Zamason : saika hi-créer diversion, fa ts nahomby e. mbola lay volamena zao no malaza. foronina daholo ty diversion rehetra ty fa e e!

Fara Holinirina Ramiandrasoa : zany kosa dia efa tampohin'ny nahazo toerana ka tsy mahandry ny fotoana ara-dalàna intsony. Rehefa vita ny passation, Tompoko, ataovy amin'izay itiavanao azy ny biraonao fa mba fahaizana ve zany manelingelina olona am-perinasa izany.

Olivia Harden : ty nicolas ty mintsy no dedaka be... hatrany am téléany any.

Tina Ralison : 5 ans mbol ho eo ihan fa aza maika tsy faingan e! Werawera Tsy maints mandeha.

Mamy Rabemanantsoa : sauvage be koa izany senatera izany raha izany, inona moa no olana raha niandry ilay passation eh, toa izay daholo ny fomba hatao rehefa miova ny mpitantana , ary efa izany no maha repoblikanina ny firenena, fa tsy hoe firenena sauvage akory ka ifandrombaka trano fiasana…

Philippe Randria : hita hoe mamba seza ko, maika hanabe tratra hipetraka mdr!

Tahiry Ratompoarison : efa maika hihinambola ry zareo ngamba.

Ndremanitontsoa Volazarasoa Fãnjä : ef zatra mada raid izy f aza omena tsiny.

Sissi Ramaroson : ny sasany nahazo seza dia faly be atao hitan'ny vahoaka, dia manao fety be fa nahazo ihany.

Richard Marx : ity ve kay flou an'ny tv plus dia gaga elah !

Lex Vega : tsy maintsy diovina trano sao dia maloto loatra kosa e!

Niaina Harison : rhefa n olona mihevitr ny tenan hoe matanjak d lalana mankany am "ruine" zany, tsarovy fa tsy an' ny haingan-tongotra ny fihoarana.

Lohann Sùke : heveriny fa "Kopikolé" kosa ko!

Miora Aina : toa mahamenatra raha toa ka marina izany, ohatra NY tampohin'ny nahazo seza, fa angaha efa vita NY passation. Manajà rangaha tena toa matahotra sahady izahay raha izany no senatera.

Joss Rama : mahamenatra rangaha isika malagasy a. Marina e. misy manala baraka vatana mihitsy !

TOPFLIGHT
près de Ankany fivavahana Fjkm Andravoahangy fivavahana
Inscription ouverte tous les jours du lundi au samedi de 7h à 17h.
Prochaine rentrée : 11 Janvier 2021
Anglais
Français
Italien
Chinois
Espagnol
Informatique

Ecolage 0 Ar
Droit d'inscription pour pack de 2 langues + informatique ou 3 langues : 100.000 Ar
Durée : 3 mois

Infoline : 034 16 683 95

Sakafo Ny Valosoa

Epinards sy henakisoa indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary karaoty, na lasary voatabia miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

NY VALOSOA sy Mahasoa

Fomba natoraly fitsaboana ny lamosina marary

Fomba natoraly fitsaboana ny lamosina marary indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Makà sakamalaho kelikely dia tetiteteho madinika kely, sy fehezana persil anankiray, sasao tsara dia tapataho manify kely ataovy anaty rano 1 litatra sy tapany , izany hoe lomana fotsiny, fa tsy ampangotrahana akory.
Rehefa alina dia ataovy amin'ny toerana mangatsiaka be na frigo, dia sotroina vao maraina vao mifoha no atomboka, mandritra ny tontolon'ny andro. Sotroina izy mangatsiaka iny.
Manamboatra indray ny hariva ho an'ny ampitso, toy izay foana mandritra ny 10 andro.

NY VALOSOA sy Mahaliana

Ny tanànan'Ambonomby any amin'ny distrikan'i Bealanana, faritra Sofia

Ny tanànan'Ambonomby any aamin'ny distrikan'i Bealanana, faritra Sofia indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ambonomby ity tanàna ity. Any amin'ny faritra avaratra atsinanan'ny faritra Sofia no misy azy. Avo toerana izy satria 1303 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Tantsaha mpamboly sy mpiompy ny mponina any, ny vary ihany koa no tena vokatra any an-toerana.